REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
**ANTENIMIERAMPIRENENA**

---------------

**REPOBLIKA FAHAEFATRA**

**FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO**

**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA FAHAROA**
**TAONA 2024**

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

----------------

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

----------------

# FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

**LAHARANA FAHA-12**

## FIFIDIANANA IZAY HO FILOHAN'NY VAOMIERAN'NY SERASERA SY NY KOLOTSAINA

Fivoriana faha-3
Natao ny
Alakamisy 17 Oktobra 2024
- Hariva -

# FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin

**MPITANTSORATRA**: - Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco
- Ramatoa VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra

**FOTOANA:** Alakamisy 17 Oktobra 2024, tamin'ny 5 ora sy 10 minitra, hariva.

**FANDAHARAM-POTOANA**: Fifidianana izay ho Filohan'ny Vaomieran'ny Serasera sy ny Kolotsaina.

Nitohy ny Alakamisy 17 Oktobra 2024, tamin'ny 5 ora sy 10 minitra, hariva ny fivorian'ny Antenimierampirenena.
Andriamatoa ANDRIAMANANORO RAZAFINARIVO Augustin, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny volaza etsy ambony.

Nambarany fa Ramatoa MARA Volamiranty Donna no lany ho Filohan'io Vaomiera io teo aloha saingy voatendry ho mpikambana ao amin'ny Governemanta ny tenany ka banga ny toerana.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana mba hanao ny fanamarinam-pahatongavan'ny Solombavambahoaka tonga nivory.

Nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomena fitenenana.

Rehefa nanao satroka, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, nanambara fa vitsy loatra ny Solombavambahoaka manatrika fivoriana ka aleo ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fifidianana.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa efa nalamina ny lahadinika ka mety hanova ny fandaharam-potoana raha izay no harahina. Aleo hojerena hoe feno ve ny fetrisa sa tsia. Nametraka fanontaniana tamin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena ny tenany raha toa mitaky fetrisa ny fanatanterahana fifidianana toy izao.

Taorian'izay, nambarany fa araka ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, raha tsy misy mangataka fahatratrarana fetrisa dia afaka miroso amin'ny fifidianana ny Solombavambahoaka.

Raha nangataka fitenenana, Andriamatoa RAZAFIHARISON Andriamanantena, nanambara fa aleo samy mitonona ny anarany amin'ny fanamarinam-pahatongavana ary avy eo, miroso amin'ny fifidianana avy hatrany ny mpivory.

Nanambara Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, tamin'ny fitenenana nataony fa misy Solombavambahoaka mandrafitra ny mambran'ny Vaomiera samihafa any amin'ny "Salle BP" sy ao amin'ny "Bibliothèque", ka tsara raha antsoina izy ireo mba hahamaro ny isantsika hifidy.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hantsoina ireo namana voalaza teo dia miroso amin'ny fifidianana ny mpivory.

Nangataka fitenenana Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa ary nilaza fa rehefa hiroso amin'ny fifidianana ihany, maninona raha tonga dia atao ny fanolorana kandidà ary lazaina ny fomba fizotry ny fifidianana.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa izay manam-paniriana hilatsaka ho Filohan'ity Vaomiera ity izay natolotry ny "Groupe Parlementaire" misy ato amin'ny Antenimierampirenena, iangaviana mba hanolotra anarana sy ny mombamomba ny kandidà.

Nisy Solombavambahoaka nangataka fitenenana ka nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana izany.

Nanambara Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, fa amin'ny maha Filohan'ny "Groupe Parlementaire" GPRI azy, efa nanana kandidà izy ireo saingy noho ny fandaminana napetraka eto anivon'ny Antenimierampirenena, nisintona ny filatsahan-kofidian-dRamatoa RASOANIRINA Marcelline ny Vondrona misy azy. Isaorana azy nanaiky ny fandaminana nataon'ny "Groupe Parlementaire" misy anay.

Nohamafisiny fa ny "Groupe Parlementaire" GPRI dia manohana ny kandidà izay hatolotry ny Vondrona IRMAR ihany koa.

Taorian'izay, niangavy ny Filohan'ny "Groupe Parlemantaire" IRMAR, Andriamatoa Mpitarika fivoriana mba hanolotra ny kandidà ho Filohan'ny Voamieran'ny Serasera sy ny Kolotsaina.

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle anefa no nanatanteraka izany, ka toy izao no nambarany tamin'ny fampahafantarana ny kandidà: Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra no atolotra ho Filohan'ny Vaomiera ny Serasera sy ny Kolotsaina. Tovolahy mahery izy ary mbola voafidy fanindroany tao amin'ny Distrikan'i Miarinarivo indray amin'izao "mandat" iasantsika izao.
Tsy zoviana amintsika eo amin'ny fanaovan-gazety ny tenany. Raha tadidintsika tsara, efa Filohan'ity Vaomiera ity koa ny tenany tamin'ny "législature" farany teo. "Rédacteur en Chef" tao amin'ny gazety «freedom» ary Tonian'ny famoahana an-tsoratra tamin'ny fahitalavitra «free FM» ny tenany. Izy koa no nitondra ny "Code de la Communication" teto amin'ny Antenimierampirenena tamin'ny «mandat» farany teo ary mbola izay no ampiasaintsika amin'izao fotoana izao.
Milomano tanteraka amin'ny tontolon'ny fanaovan-gazety izy ary ny kolotsaina koa tsy ambanin-javatra.

Ireo rehetra ireo no nahatonga ny “Groupe Parlementaire” IRMAR nanolotra azy ho Filohan’ny Vaomieran’ny Serasera sy ny Kolotsaina. Raha lazaina amin’ny teny hafa dia ny hisian’ny fitohizan’andraikitra efa nohazoniny no antony nanolorana azy hofidina amin’io toerana io.
Eo anatrehan’izany, manentana ny Solombavambahoaka rehetra mba hifidy azy ary mba tsy hisy vato fotsy koa na iray aza, fa handrotsaka vato ho azy daholo ny rehetra.

Taorian’izay, nisaotra an-dRamatoa Solombavambahoaka tamin’ny fanolorana an’Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

Rehefa izany, nisy Solombavambahoaka nangataka fitenenana, ka nomena azy izany.

Nanambara Andriamatoa TSARADIA Marco, fa amin’ny anaran’ny Filohan’ny Vondrona Parlemantera UPAD no andraisany fitenenana ary nohamafisiny fa hifidy an’Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra ny Vondrona Parlemantera UPAD ary nanentana ny Solombavambahoaka rehetra koa ny tenany mba hifidy 100% ny kandidà tokana.

Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès, Filohan’ny Vondrona Parlemantera IRMAR kosa naneho fankasitrahana sy fisaorana ny Vondrona Parlemantera GPRI sy UPAD tamin’ny fanohanana ny kandidà tokana RAKOTONDRASOA Fetra.
Nohamafisiny fa olona manana traikefa sy hahavita ny asa andrasana aminy ny kandidà.

Fanentanana ny Solombavambahoaka rehetra mba hifidy ny kandidà tokana no namaranany ny fitenenany.

Raha nomena fitenenana Andriamatoa RANDRIATAHINAMALALA Livasoa Moratiavina, solotena avy amin’ny FIRAISANKINA, nambarany koa fa manohana ny kandidà RAKOTONDRASOA Fetra izay natolotry ny Vondrona Palemantera IRMAR izy ireo.

Nangataka anefa ny tenany mba hisy fomba fijery vaovao amin’ny maha Filohan’ny Vaomiera ny Serasera sy ny Kolotsaina azy satria anisan’ny zavatra nampalahelo ny mpanao gazety ny fanakanana azy ireo tsy hiditra tato amin’ny Lapa mba hahafahany mampita vaovao ho an’ny vahoaka Malagasy. Ny antony, adidin’izy ireo no manao izany.

Fanentanana ny Solombavambahoaka mba hifidy an’Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra koa no namaranany ny teniny.

Nanambara Andriamatoa RAPHAEL Jean François, tamin’ny fandraisam-pitenenana nataony, fa resaka kolotsaina no tiany hasongadina ato amin’ny Antenimierampirenena ka izay no antony manosika azy hifidy an’Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra. Ny antony, efa mihamarefo ny fandalàna ny kolotsaina amin’izao fotoana izao.

Tahaka ny namany teo aloha, nanentana ny Solombavambahoaka koa ny tenany mba hifidy azy.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fanamarinam-pahatongavana ny mpivory, ka nangatahany ny Solombavambahoaka mba samy hanonona ny anarany sy ny toerana nahavoafidy azy ary nanontaniany raha azo tanterahina amin'ny alàlan'ny tsangan-tànana ny fifidianana na tsia.

Namaly Andriamatoa Kestora Voalohany, fa atao mitovy amin'ny fifidianana teo aloha ihany ny fifidianana hotontosaina avy eo. Izany hoe, latsabato miafina no hanatanterahana azy.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny latsabato ny Solombavambahoaka.

Rehefa izany, niangavy Solombavambahoaka miisa telo ny tenany hanara-maso ny fifidianana sy hanao ny fanisam-bato rehefa vita ny latsabato.

Nanatontosa izany Andriamatoa isany: GOULAMALY Jacques Bruno Fils, RALAMBOZAFY Raoto Andrianirinarivo, RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol.

Toy izao no vokatry ny fifidianana taorian'ny fanisam-bato:

- Isan'ny Solombavambahoaka voasoratra anarana: 163
- Isan'ny Solombavambahoaka mpandatsa-bato: 39
- Vato manan-kery: 39
- Vato fotsy sy vato maty: 00
- Vato azon'Andriamatoa RAKOTONDARASOA Fetra: 39

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ho Filohan'ny Vaomieran'ny Serasera sy Kolotsaina, Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra.

Rehefa izany, niarahaba azy havita be amin'ny asa goavana hataony ny tenany.

Nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fitenenana, Andriamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Serasera sy Kolotsaina vao voafidy teo, ka toy izao no nambarany:
Asa ho an'ny tanindrazana no anirahana ahy, hoy izy, ka fisaorana ny Vondrona Parlemantera IRMAR no atao satria nametraka fitokisana amiko amin'ny fitantanana ny Vaomieran'ny Serasera sy Kolotsaina izy ireo.

Nambarany koa fa ampanetren-tena sy ampitiavana no hanatanterahany ny asa hosahaniny.

Fisaorana ny Solombavambahoaka rehetra tamin'ny fifidianana azy no nataony taorian'izay. Tahaka izany koa, fisaorana ny Vondrona Parlemantera misy ato amin'ny Antenimierampirenena na tsy ao anatin'ny Vondrona Parlemantera IRMAR aza izy ireo satria nifarimbona tamin'ny nanatanterahana izao fifidianana izao. Isika mandalo, hoy izy, fa ny kolotsaina sy ny serasera kosa mitoetra mandrakariva.

Eo anatrehan'izany, vonona ny hitondra ny anjarabirikiko amin'izany aho, hoy ny tenany; eny fa na ato amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena na amin'ny lafiny lalàna. Hampiasaina ny fahaiza-manao rehetra mba hahafahana miara-miasa amin'ny tontolon'ny serasera sy kolotsaina, ka toky no omena amin'izany.

Nambarany koa teo ampamaranana ny teniny, fa misokatra ho an'ny rehetra izy satria ny serasera sy ny kolotsaina dia tsy misy tompony sy tsy anavahana antoko politika fa an'ny rehetra izy ireo; koa manasa ny daholobe mba hiara-hiasa hahatratrarana ny tanjona.

Fisaorana an'Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra ihany koa no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izay.

Nisy Solombavambahoaka nangataka fitenenana ka nomena azy ireo izany.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa BEFENO Todimanana Aymar Hyacinthe, nambarany fa fangatahana no hataony amin'Andriamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Serasera sy Kolotsaina vao voafidy teo. Aleo mba hatao andro tsy fiasana ny 14 Oktobra ho an'ny Malagasy rehetra manerana ny Nosy satria io no daty nanambarana voalohany fa nahazo fahaleovantena i Madagasikara. Izany hoe, anisan'ny andro atokana ho fankalazana ny kolotsaina izy io satria daty manan-daza ka tokony hanaovana fety.
Nomarihany fa raha tolo-dalàna no ilaina amin'ny hanatanterahana izany, vonona hanolotra izany ny tenany.

Rehefa nomena fitenenana Andriamatoa MALAINKORATSY Jocelyn, fiarahabana an'Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra tamin'ny nahavoafidy azy ho Filohan'ny Vaomieran'ny Serasera sy ny Kolotsaina no nataony ary nanontany amin'ny fotoana tokony hametrahana ny samboadiny koa ny tenany satria hiatrika fifidianana Ben'ny Tanàna ny vahoaka Malagasy amin'ny volana Desambra ho avy izao ka sao hadino ry zareo Solombavambahoaka vaovao.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ny Filoha Lefitra misahana ny Faritany tsirairay no mandrindra ny fotoana momba izay. Izany hoe, tokony hanatona ny Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'i Fianarantsoa, Andriamatoa Solombavambahoaka amin'izay resaka izay.

Ramatoa RAMANANJARASOA Clarisse Eugénie kosa nangataka amin'ny maha Filoha Lefitry ny fikambanana SOMAMI ny tenany izay misahana ny miralenta, satria tsy mbola mazava ny antony mahatonga ny rafitra iraisam-pirenena manasongadina ny lehilahy eto amintsika.
Koa mitaona an'Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra mba hiditra ho mpikambana amin'izany fikambanana izany, mba hanandratra ny kolotsaintsika satria tsy mifanipaka amin'ny kolotsaina Malagasy ny zavatra atao ao anatiny.

Nomena fitenenana hamaly izany, Andriamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Serasera sy Kolotsaina ary nambarany fa raha momba ny andro tsy fiasana, tsy lalàna avy amin'ny Solombavambahoaka fa "décret" raisina eo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra no anaovana izany. Vonona ny tenany hanoratra taratasy hangataka hoe tokony tsy hiasana io datin'ny 14 Oktobtra voalaza teo io.
Mbola vonona ihany koa ny tenany hiditra ho mpikambana ao SOMAMI raha mety ny ilàna izany. Izay no namaranany ny teniny.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, niangavy an'Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana mba handrafitra ny mambran'ny Vaomiera tarihany amin'ny fotoana mahamety izany.

Niato tamin'ny 6 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

**NY FILOHA**

ASSEMBLEE NATIONALE

**TOKELY Justin**